


Andriamatoa Minisitra ny fahasalamam-bahoaka,

Madame la Représentante de l'Organisation Mondiale de la Santé

Mesdames et Messieurs les Représentants des Organisations internationales,

Ramatoa talen'ny Hopitaly CHRR eto Taolagnaro,

Ianareo mpiasan'ny fahasalamana rehetra,

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Ampifaliana hatrany no hiarabana anareo rehetra izay tonga manatrika izao fotoana izao. Ny sehatry ny fahasalamana no antony mahavory antsika eto amin'ity toerana ity androany. Ezaka niarahan'ny Association FITIA tamin'ny Organisation mondiale de la santé na OMS ny fametrahana toerana antsoina hoe: *" Centre Ami de la vaccination"* manerana ny Nosy. Ny volana novambra 2019 no nametrahana ny *"Centre ami de la vaccination"* voalohany tao amin'ny Hopitalin'ny Reny sy ny Zaza Ambohimiandra - Antananarivo.

Anio kosa dia ny eto Taolagnaro no isitraka izany.

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Ny vaksiny dia anisan'ny fomba mahomby hiarovana ny zaza ho tomady, fanefitry ny areti-mifindra sy valanaretina samihafa, hafahana mitsinjo sy antoky ny fahasalaman'ny taranaka.

Ho antsika eto Madagasikara dia efa misy ny tetiandron'ny fanaovam-baksiny ho an'ny zaza vao teraka hatramin'ny erintaona. Tokony hajaina ny fotoana voafaritra hanaovana vaksiny sy ny famerenana na *"rappel"*.

Manentana antsika ray aman-dreny aho : aza variana fa ento atao vaksiny maimaim-poana ety amin'ny tobim-pahasalamana ny zanatsika fa zon'izy ireo ny ho tsaboina sy harovana amin'ny aretina.

Aza manana ahiahy fa tsy misy hatahorana, tsy misy voka-dratsiny ny fanaovam-baksiny ny zaza.

Mitodika aminareo mpisehatra rehetra eo amin'ny fahasalamana eto Madagasikara ny tenako. Mankahery anareo aho amin'ny asa fanasoavana ataonareo ary misikinà fikirizana.

Koa ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny "Centre ami de la vaccination" eto Taolagnaro ary hamafisiko fa misokatra ho an'ny rehetra ny "Centre ami de la vaccination" efa napetraka teo aloha.

Ahitana ny tolotra rehetra mifandraika amin'izany izy ireo, azo hakana torohevitra ara-pahasalamana ihany koa.

Farany, dia tolorako fisaorana ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka izay tarihinao Andriamatoa Minisitra, noho ireo fiaraha-miasa marobe hatramin'izay ary iriko, irinay ny mba hitohizan'izany amin'ny tsaratsara kokoa. Tsy adino ihany koa ny OMS izay nanohana sy niara-dia aminay hatrany amin'ity tetikasa ity.

Eto aho dia manolotra ny fisaorana manokana amin'ny Ramatoa Représentante-ny OMS amin'ny fiaraha-miasa izay nahomby tokoa.

Ho lavitry ny rofy anie isika rehetra, ary ho salama tsara ireo sombin'ny aintsika.

Mankasitraka, mankatelina antsika jiaby !

**Mialy R. Rajoelina**

**Filoha mpamorona ny Association Fitia**